TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA-3 SY FAHA-4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Tsiafahy

Daty: 08-09-10 Septambra 2011

Toerana: Kaominina Tsiafahy

Mpandray anjara nandritra ny fiofanana

FIZAHAN-TAKILA

Fanolorana 03

Tantara.....04

Fizotry ny Atrikasa 07

Fahatrarana ny tanjona.....07

Ireo fanamby 07

TOVANA

A – Fandaharam-potoana 08

B – Lisitry ny mpandray anjara.....09

D- Drafitr'asa.....11

C – Fintin'ny tomban'ny atrikasa.....27

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Tsiafahy ny 08, 09 ary 10 Septambra 2011, tao amin'ny biraon'ny kaominina. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny finoana ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra roa mazava no nodinihana nandritra ny telo andro:

-Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.
-Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy eo amin'ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa ben'ny tanàna, Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina Tsiafahy. Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.
Notohizana tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo. Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin'ny fiaraha-monina.
Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitanatanana.
Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

- **Momba ny fiheverana raiki-tampisaka**

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiarana ka namoahana ireo tonon-kira, horonan-tsary, fomba fitenenanana izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "nitady zaza ka tera-dahy" sy ny hoe "Arabaina fa nahazo mpatsaka"

- **Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy:**

Maro ihany koa ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Notsinganina tamin'izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian'ny fotoana

- **Vaha-olana natolotra**

- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.

Nandritra ny lohahevitra faharoa ihany koa no nahafahana nahafantatra ireo filana misy eo amin'ny kaominin'i Tsiafahy manokana. Nefa aloan'izany dia nohazavaina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao filana fototra sy filana maharitra mila paikady (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

- **Ireo filana maharitra mila paikady ao amin'ny Kaomina Tsiafahy**

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA
Firenena: Madagasikara
Kaominina:CR Tsiafahy
Toerana: CR Tsiafahy
Daty: 08-09-10 Septambra 2011

Ora	**08 Septambra 2011**	**Iza(Tompon'andra ikitra)**
	Andro voalohany	
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny tanàna
9h- 10h 15	Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Mijery CD Quiz Instrument	GL
10h 15- 10h 30	**Pause café**	
10h 30 - 12h30	Loh 2 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	GL
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h	Loh 3 : Miralenta sy Fitondrampanjakana	GL
15h-16h	Loh4 : Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	GL
	09 Septambre 2011	
8h30-09h30	Loh 5: Ho mpitarilka mavitrika mitondra fanovana	GL
9h30- 10h	Loh 7: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony.	GL
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15-10h 30	Fizarana groupe : G1: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta. G2 :Famolavalana drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony	Ny rehetra
10h 30 – 12h 30	Atrikasa isam-baomiera	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Atrik'asa isam-baomiera	Ny rehetra
	10 Septambre 2011	
8h 30– 10h	Atrikasa isam-baomiera (Tohiny)	Ny rehetra
10h – 10h15	**Pause café**	
10h15-12h30	Rapport ny atrikasa isam-baomiera	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h 45	Rapport ny atrikasa isam-baomiera	Ny rehetra
15h45-16h	Evaluation	Ny rehetra

Stage 3-4
Country: MADAGASCAR
Kaominina Tsiafahy
Toerana: Biraon'ny kaominina
Date: 08, 0910 Septambre 2011
FICHE DE PRESENCE

N°	ANARANA SY FANAMPINY	SEXE	TOERANA HIANDREKETANA	ANDRAIKITRA	TEL	E mail
01	RAMANANTENASOA Rose Aimée	F	Kaominina Tsiafahy	Lefitry ny ben'ny tanàna	033 17 635 88	
02	RAZANAMAHOLY Herivololona Robbine	F	EPP Soavina	Tale	033 20 130 99	
03	LEVA-RAVONIARILALA Bakoly	F	Avarabohitra	Pasteur	034 04 731 46	
04	MAVANIRINA Lantoniaina Céline	F	SECALINE EPP Soavina	Mpampianatra	033 41 239 05	
05	RAVALIARIZANANY Eveline	F	Ecole chrétienne Au Raval	Tale	033 19 257 39	
06	RAKOTOVAZAH Charles	M	ZAP	Chef ZAP	033 11 336 79	
07	RASOAZANAKINIAINA Sahondra	F	EPP Ankorondrano	Tale	033 05 059 85	
08	RANDRIAMAHEFA Justin	M	Kaominina Tsiafahy	Ben'ny tanàna	033 11 916 39	
09	RALAIARISOA Théophile	F	Collège ESPOIRS Ambatofotsy	Mpampianatra	033 18 540 73	
10	RANDRIANARISON Roger	M	Ambatofotsy Gare	Sefom-pokontany	034 61 861 67	
11	RAMINISOA Jean Robert	M	Kaominina Tsiafahy	Président du conseil	033 02 219 77	

				communal		
12	BAOTSARA Samueline Olivia	F	Kaominina Tsiafahy	Chef d'arrondissement	034 36 561 23	
13	LALASOA Emelie Marie Danielle	F	Fokontany Ambalasoa	Adjointe	033 02 154 23	
14	RAVONIARISOA Celestine	F	Fokontany Tsiafahy	Chef Fokontany	034 04 157 43	
15	RAHELISOA Marie Josephine	F	Fokontany Tsiafahy	Adjointe Chef Fokontany	033 14 495 91	
16	RANDRIAMBOLOLONA Rolland	M	Fandaharanasa FANOITRA	Assistant de projet	034 14 220 64	roland@cite.mg
17	RADOMASON Dieu Donné	M	CEG Tsararivotra	Tale	034 74 521 26	
18	RASOANANTENAINA Florine	F	Fikambanana FIVEMAFA	Mpikambana	032 51 099 34	
19	RAVONIMALALA Raouline	F	Fikambanana FIVEMAFA	Mpikambana		
20	RAZOARILAZA Auguste	M	Tsararivotra	Mpitsabo	033 19 907 08	
21	ANDRIANAVONY Lantoniaina	F	CSB II Ambohimiadana	Médecin chef	034 03 324 10	

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ETO AMIN'NY KAOMININA TSIAFAHY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fampitomboana ny fahafantaran'ny Kaominina ny momban'ireo Fifanekena izay nataon'i Madagasikara Sonia teo amin'ny sehatra Nasionaly, Faritra, na Iraisam-pirenena,	Mankatoa ny fampiharana ny politikan'ny Miralenta eto amin'ny Kaominina.	Mpizaika sy ny filan-kevitra ary ny Ben'ny Tanàna.	Tsy mbola nisy fanapahan-kevitra momba ny fampiharana ny Miralenta teto amin'ny Kaominina	Fanapahan'kevitry ny Mpanolon-tsaina nahazo fankatoavan'ny Distrika.	Alohan'ny 31 desambra 2011.	Ny Kaominina sy ny mpiara-miombon'a ntoka
	Manentana ireo Fikambanana mijoro ny momban'ny Miralenta	Mpizaika "Stage 3", Ny Birao mpanatanteraka	Mbola vitsy ireo Fikambanana sy Komitim-pokontany ny mahalala ny momban'ny miralenta	Voaentana ny Fikambanana rehetra eto anivon'ny Commune	Jiona 2012	
	Mampiofana ireo Komitim-pokontany mahakasika ny Miralenta	Mpizaika "Stage 3", ny Commune,		Nahazo fiofanana ny Komitim-pokontany ao amin'ny Fokontany 15	Alohan'ny 31 janoary 2011	
Fahazoan'antoka fa misy politika momba ny miralenta eo anivon'ny Kaominina ary ampiharina izany	Manentana ny vahoaka ao amin'ny Fokontany 15 momba ny miralenta	Mpizaika, Komitim-pokontany, Kaominina, mpisehatra hafa	Tsy mbola misy mihitsy ny fanentanana momba ny fijery miralenta teny anivon'ny fokontany	Fivoriam-bem-pokontany miisa 15 vita	Avril 2012	*Kaominina*
	Manolotra solon-tena isam-pokontany ho mpikambana ao amin'ny Komitin'ny miralenta	Mpizaika"Stage 3", Komitim-pokontany		Voatolotra ireo solon-tenam-pokonolona isaky ny fokontany		

I. FITANTANANA
Representation

Fampitomboana ny isan'ny vehivavy mitana andraikitra ara-pitondrana ifotony mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy mitana andraikitra eto amin'ny Kaominina alohan'ny taona 2015	Mandresy lahatra mba hitombo ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra eo anivon'ny komity mpanatanteraka na filankevitry ny kaominina na ny Fokontany	Mpizaika "Stage 3", ny komitin'ny miralenta, ny fikambanana rehetra, ny Fokontany, ny Kaominina	Vitsy ny isan'ny vehivavy ao anatin'ny birao mpanatanteraka, sy komitim-pokontany, ary tsy mbola nisy mihintsy ny teo amin'ny Filan-kevitra	Tafakatra ho 30 % ny tahan'ny vahivavy eny anivon'ny seha-pitantanana isan-karazany	Desambra 2012	Kaominina, Mpiara-miombon' antoka
TANJONA FOTOTRA	**ASA ATAO**	**TOMPONANDRAI KITRA**	**FOTOTRA IAINGANA**	**TONDRO MILAZA NY VOKATRA**	**FE-POTOANA**	***TETI-BOLA***
Fampitomboana ny isan'ny vehivavy mitana andraikitra ara-pitondrana ifotony mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy mitana andraikitra eto amin'ny Kaominina alohan'ny taona 2015	Fampahafantarana ireo vehivavy ny andraikitra ho sahaniny amin'ny maha komitim-pokontany azy ary fanomezana tan-tsoroka azy ireo ho amin'izany andraikitra izany	Commune, Komitim-pokontany, fikambanana, sampandraharaha teknika, ny Fiangonana, ny CAA	3/30 ihany ny vehivavy tafiditra ho komitim-pokontany ato amin'ny Commune	Atrikasa/fampiofanana miisa dimy tontosa amin'ireo Fikambanam-behivy	janoary 2012	*Commune, Mpiaramio-mbonantoka, Fokontany*
Fahazoana antoka fa voasolontena ara-drariny mitovy amin'ny lahy ny vehivavy ao amin'ireo seham-pitarihana ao amin'ny kaominina	Manofana ireo mpikambana amin'ny komitin'ny miralenta sy ireo rantsana isam-pokontany	Komitin'ny miralenta, solon-tena isam-pokontany, mpampanofana	Tsy mbola nahazo fiofanana ireo komity sy ireo solon-tena	Fiofanana vita	Faran'ny mey 2012	*Kaominina,*
	Manangona sy manavao ny antontan'isa mikasika ireo vehivavy mpitarika eo amin'ny fitondrana ifotony sy amin'ireo seha-pitarihana	Komitin'ny miralenta, ny kaominina	Mbola tsy ampy ny isan'ny vehivavy tafiditra ao amin'ny seha-pitarihana isan'ambaratongany	Manana antontan'isa manondro ny fivoaran'ny isan'ny vehivavy mpitarika	Isaky ny faran'ny taona	*Kaominina*

	samihafa					
Fandraisan anjara						
Fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy mba hijery ny filan'izy ireo manokana	Manao fanadihadiana mahakasika ireo karazam-pilàna manokan'ny vehivavy	Komitin'ny miralenta, Ben'ny Tanàna	Tsy fantatra ny filan'ny vehivavy eo anivon'ny sehatra rehetra	Vita ny Fisy manondro ny vokatry ny fanadihadiana	Jiona 2012	Kaominina
	Manatanteraka izay laharam-pahamehana amin'ireo filàna manokan'ny vehivavy	Commune, Komitin'ny miralenta, Fikambanam-behivavy	Tsy mbola nisy mihitsy fanataterahana izay natao laharam-pahamehana ho an'ny vehivavy	Fandaharan'asa laharam-pahamehana ho an'ny vehivavy miisa telo tontosa	septambra 2012	Commune, mpiaramiombon'antoka,
Fahazoana antoka ny amin'ny fandraisan'andraikitry ny vehivavy	Mamantatra ny karazana fiofanana ho fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy	Ben'ny tanàna, mpizaika stage 3	Tsy dia mbola hita taratra ny fandraisan'andrikitry ny vehivavy eto anivon'ny Commune	Manana Fisy manondro ny vokatry ny fanadihadiana	desambra 2011	Kaominina, mpiara-miombon'antoka, SAHA
	Manome fiofananana ny vehivavy ho fanatsarana ny fahaiza-manaony	Ben'ny tanàna, Komitin'ny miralenta, mpampiofana		Vita ny fiofanana miisa telo	avril 2012	
TANJONA FOTOTRA	**ASA ATAO**	**TOMPONANDRAI KITRA**	**FOTOTRA IAINGANA**	**TONDRO MILAZA NY VOKATRA**	**FE-POTOANA**	**TETI-BOLA**
Manofana ny lehilahy eo anivony kaominina mombany miralenta ary manentana azy ireo mba hanohana ny miralenta	Manofana momban'ny miralenta ho an'ny lehilahy sy vehivavy eo anivon'ny kaominina	Mpizaika stage 3, kaominina	Mbola betsaka ny lehilahy tsy mahafantatra ny momba ny miralenta	Nahazo fiofanana mitovy sy miaraka ny lehilahy sy ny vehivavy	Mars 2012	Kaominina, mpiaramiombonantoka
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fahazoana antoka fa ny vavy sy ny lahy dia mandray anjara mitovy amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony	Mampahafantatra ny olona ny andraikitra tokony ho sahaniny sy ny an'ireo andrim-panjakana isan'ambaratonga	Mpizaika stage 3, Commune, Komitim-pokontany	Tsy mbola nisy fampahafatarana ny andraikitry ny olom-pirenena teto amin'ny Commune	Fivoriambem-pokonolona amin'ny Fokontany miisa 15 mampahafantatra io andrikitry ny olom-pirenena io	30 avril 2012	Kaominina Mpiara-miombon' antoka

II. LAMIN'ASA						
Fahazoana antoka fa ny lamin 'asa norafetina dia mizotra tsara eo anivon'ny kaominina, ary nampandraisina andraikitra tamin'ny fanatanterahana azy ny vehivavy sy ny lahilahy.	Fampandraisana andrikitra ny lahy sy ny vavy amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa	Mpizaika stage 3 na Komitin'ny miralenta, Commune, sy ireo mpisehatra	Tsy fantatra mazava raha tafita ny fampandraisana andraikitra ny lahy sy ny vavy tamin'ny lamin'asa novinavinaina	Mitovitovy ny isan'ny mpandray anjara isaky ny asa atao	Desambra 2012	Commune, Mpiaramio mbon'antok a,
	Fikendrena ny hidiran'ny miralenta eo amin'ireo tetik'asa rehetra eo anivon'ny commune, ary akana ny hevitry ny vavy sy ny lahy		Tsy dia mbola nisy sehatra manokana nakana ny hevitry ny vehivavy teo amin'ny fanatanterahana tetik'asa teto anivon'ny commune	Voamarina fa ny Tetikasa rehetra hatao dia nakana ny hevitry ny vavy sy ny lahy	Desambra 2012	

III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
Vonjy taitra						
Fahazoana antoka fa nomena fahalalana, momba ny fisorohana sy fiarovana ny trano fonenana indrindra ireo mipetraka amina trano tsy manara-penitra ka mety hiharan'ny loza voajanahary	Manatanteraka fandaharan'asa ho fanentanana ny lahy sy vavy amin'ny fanadiovana sy mampahafantatra azy ireo ny fisorohana ny loza.	Mpizaika stage 3, ny Croix rouge Malagasy	Tsy mbola nisy fampahafantarana ny vehivavy mpitantana tokantrano ny momban'ny fisorohana ny hai-trano teto anivon'ny Commune	- Fanadiovana vita in-telo isan-taona - 70% n'ny trano fonenana mahavita fikojakojana mialohan'ny fihavian'ny orana isan-taona.	Alohan'ny 30 Marsa 2012	Kaominina, mpiaramio mbon'antok a

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA

Toe-karena sy famoronana asa

Fanaovana izay hitomboan'isa'ny vehivavy manana asa sy hitovian'ny mari-karama	Manome sy manamora ny fahazoana fanofanana arak'asa sy toro-hevitra	Komitin'ny miralenta, kaominina, mpiara-miombon'antoka	Mbola betsaka ny vehivavy tsy an'asa na manao asa tsizarizary	Misokatra ny sehatra ahafahan'ny vehivavy mifanakalo traikefa sy manovo fahaizana, ary mahazo fanofanana	Juin 2012	Commune, Mpiara-miombon'antoka, Malala-tanana
	Mamorona sehatra ahafahan'ny vehivavy mifanankalo hevitra sy manatsara ny fahaiza-manaony	Komitin'ny miralenta, kaominina, mpiara-miombon'antoka, mpisehatra hafa	Mbola betsaka ny vehivavy tsy an'asa na manao asa tsizarizary	Misokatra ny sehatra ahafahan'ny vehivavy mifanakalo traikefa sy manovo fahaizana, ary mahazo fanofanana	Juin 2013	
	Fanentanana sy fahafampafantarana ny zon'ny vehivavy ho an'ny mpiasa sy ny mpampiasa		Mbola hit any tsy fitoviana eo amin'ny mari-karama andavan'andron'ny lahy sy ny vavy	Hitovy ny karaman'ny lahy sy ny vavy		
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy (Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Fahazoana antoka ny amin'ny hananan'ny vehivavy tombontsoa mitovy eo amin'ny fomba fanolorana sy fahazoana tolo-bidy.	Manamafy ny asa efa nataon'ny Kaominina amin'ny tsy fanavahana ny lahy sy ny vavy	Kaominina, Komitin'ny miralenta	Efa misy eto amin'ny Commune ny fampitoviana ny fomba fanolorana tolotr'asa sy ny fisafidianana eo amin'ny lahy sy ny vavy	Mitombo 30% ireo vehivavy mahazo antok'asa eto anivon'ny kaominina	Desambra 2012	Kaominina,
Famongorana ny fahantrana						
Fanamafisana ny fahaizamanaon'ny vehivavy eo amin'ny asa fivelomany indrindra indrindra ny tokantrano tantanim-behivavy mba hanatsarana ny fari-piainany	Manao fanadihadiana, fanisana ireo tokan-trano tantanim-behivavy ary mamaritra izay mety ho filàny	Commune, Komitin'ny miralenta, mpizaika Stage 3, Komitim-pokontany, mpisehatra hafa	Efa nisy ny fampiofanana fanatsarana ny fambolena frezy, fa tsy ny vehivavy mananontena rehetra no nahazo tombontsoa	Vita ny Fisy maneho ny vokatry ny fanadihadiana sy fanisana	Mai 2012	Kaominina
	Manome fiofanana mamaly ny filàn' ireo vehivavy ireo sy fanatsarana ny kalitao	Commune, Komitin'ny miralenta, mpizaika Stage 3, mpampiofana		Vita ny fiofanana karazany telo ho an'ireo vehivavy tena sahirana sy mananotena	juin 2O12	Kaominina, mpiaramio mbonantok a

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Mamatsy fitaovana entina miainga	Commune, Komitin'ny miralenta, Komitim-pokontany, mpisehatra hafa	Mbola tsy nisy fanomezana fitaovana mijery manokan ireo karazam-behivavy ireo teto amin'ny Commune	Fanomezana fitaovana sy tohana natao ho an'ireo karazam-behivavy ireo	août 2012	Kaominina, mpiaramio mbon'antok a, Malala-tanana
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fanamafisana ny fahaiza-manao ananan'ny mpandraharaha vehivavy.	Fampitana fahaiza-manao momba ny fandraharahana sy fanohanana ho azy ireo.	Commune, ireo Fikambanana sy ireo tetikasa miasa eo anivon'ny kominina, tompon'andraikitry ny Fokontany.	Betsaka ny mpandraharaha vehivavy mbola tsy anaty sehatra ara-dalana eto anivon'ny commune	KAOPERATIVA 1 mijoro ara-dalana	Desambra 2011	Kaominina, mpiaramio mbon'antok a, Malala-tanana
				Orin'asa madinika 1 misokatra tantanin'ny lahy sy ny vavy	Jiona 2012	
Sehatr'asa tsy manara-penitra						
Fanatsarana ny kalitao mba hahafahana miditra mifaninana amin'ny fitadiavana lalam-barotra	Manome fanohanana sy fanatsarana ny famokarana hanaraka teknika	Commune,mpampio fana	Efa nisy ny tohana ara-teknika natao fa mbola tsy manara-penitra ny vokatra azo	Fiofanana fanatsarana ny famokarana dimy vita	Jona 2O12	Kaominina Mpiara-miombon' antoka,Mal ala-tanana
III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
INFRASTRUCTURE						
Toeram-ponenana						
Fonenana madio	Manentana sy mamporisika ny vahoaka	Kaominina,fokontan y	Tsy ampy ny fanentanana,	Mitombo ny isan'ireo tokantrano manana	Desambra 2011	Kaominina, mpiara-

	hanao lava-pako sy lava-piringa			lava-pako sy lava-piringa		miombon'a ntoka

Rano sy fahadiovana ary herin'aratra						
Fahazoana antoka fa mahazo rano fisotro madio ny mponina	Mampiditra rano manerana ny fokontany	Kaominina,Fokontany, komitin'ny Miralenta, mpisehatra hafa	2/15 ny Fokontany ihany no mahazo rano fisotro madio	Mitombo isa ireo Fokontany mahazo rano fisotro madio	Desambra 2013	Kaominina, mpiara-miombon'antoka,
	Fiarovana sy fanatsarana ireo loharano voajanahary efa misy		Maro ireo loharano voajanahary tsy misy fikarakarana eto amin'ny Commune	Loharano voajanahary miisa 30 voaaro sy nohatsaraina		
Fahazoana antoka fa mitombo ny isan'ny Fokontany voavatsy herin'aratra	Manitatra ny faritra mahazo herin'aratra	Kaominina,	Ampahany amin'ireo Fokontany 3/15 ihany no mahazo herin'aratra	Fahatongavan'ny jiro eny anivon'ny Fokontany hafa	2015	Kaominina sy mpiara-miombon'antoka, Jirama

TANJONA FOTOTRA	**ASA ATAO**	**TOMPONANDRAIKITRA**	**FOTOTRA IAINGANA**	**TONDRO MILAZA NY VOKATRA**	**FE-POTOANA**	**TETI-BOLA**
TOTONLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA						
Fiarovana sy fanatsarana ny tontolo iainana	Manentana sy mampandray anjara ny vehivavy amin'ny fambolenkazo sy voninkazo	Kaominina,Fokontany, Komitin'ny Miralenta, mpisehatra hafa	Misy tany mangadihady	Vita ny fanentanana ary mitombo ireo velarantany mangadihady voavoly voninkazo sy hazo	Desambra 2012	Kaominina, mpiara-miombon'antoka
	Mampiofana momba ny fanodinana fako ho zezika ilain'ny fambolena	Kaominina, Komitin'ny Miralenta, mpiara - miombon'antoka	Mbola tsy nisy fampahafantarana ny momba ny fahazoana manodina fako teto anivon'ny Commune	Fampiofanana iray vita	Juin 2012	Commune, mpiaramiombon'antoka
Fiarovana sy fanatsarana ny tontolo iainana	Manamafy ny fanentanana momba ny voka-dratsin'ny doro-tanety	Kaominina, komity sy ireo rantsan'ny miralenta, mpisehatra hafa	Mbola mitohy foana ny doro-tanety eto anivon'ny Commune	Mihena ny tatitra mahakasika ny dorotanety tonga eto amin'ny Commune	Novembre 2012	Commune

Fahasalamana						
Fahazoana antoka ny amin'ny fanantonan'ny vehivavy ny toeram-pitsaboana	Manentana ny vehivavy isam-pokontany mikasika ny maha-zava-dehibe ny fanantonana tobim-pahasalamana	Kaominina, Komitin'ny miralenta, Mpanentana ara-pahasalamana, mpisehatra hafa	Maro ireo vehivavy mbola manana toe-tsaina raiki-tapisaka	Mitombo 40 % ny vehivavy manatona toeram-pitsaboana	Desambra 2012	Kaominina, mpiara-miombon'antoka, ministera
Fampihenana ny isan'ny tovovavy mitondra vohoka aloha loatra	Mampianatra ireo tanora momba ny Fahasalamana ara-pananahan'ny tovovavy sy tovolahy (SRA)	Commune, Komitin'ny miralenta, CSB II, CoSan, sekoly	Efa nisy fa mbola tsy ampy ny fampianarana manokana mikasika ny (SRA) teto anivon'ny Commune	Tanora miisa 1500 hahazo fampianarana mikasika ny SRA	Septambra 2012	
	Mampitombo ireo sehatra ahazoan'ny tanora miala voly sy manao fanatanjahan-tena	Commune, Komitin'ny miralenta, Komitim-pokontany, sekoly	Tsy ampy ireo sehatra ahazoan'ny tanora tena mialavoly sy manao fanatanjahan-tena	Ahitana fifaninanana ara-panatanjahan-tena sy kolotsaina andraisan'ny lahy sy vavy anjara isam-pokontany sy sekoly	manomboka febroary 2012	Kaominina, mpiara-miombon'antoka

NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA						
Fisorohana						
Fanohizana ny ady amin'ny VIH/SIDA	Manamafy ny fanentanana sy mampitombo ny isan'ny mpandray anjara amin'ny fanentanana amin'ny ady amin'ny VIH/SIDA	Kaominina,Komitin' ny miralenta, CoSan	Mbola betsaka ireo tsy mahalala sy tsy mino ny fisian'ny VIH/SIDA, tsy mbola misy tranga hita eto anivon'ny Commune	80 isanjaton'ny olona mahafantatra sy resy lahatra amin'ny fisiany ny VIH/SIDA	2015	Kaominina, mpiaramio mbon'antok a, UNICEF
TANJONA FOTOTRA	**ASA ATAO**	**TOMPONANDRAI KITRA**	**FOTOTRA IAINGANA**	**TONDRO MILAZA NY VOKATRA**	**FE-POTOANA**	**TETI-BOLA**

Fitsaboana

Fanatanjahan-tena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)						
	Manangana toerampilalaovana		Tsy fahampian'ny fotodrafitr'asa izay	Kianja filalaovana basket miisa roa nohatsaraina,	Desambra 2012	

Fitovian-jo eo amin'ny lahy sy vavy amin'ny fampiasana foto-drafitrasa ara-panatanjahan-tena, zava-kanto ary fialamboly	isankarazany eto amin'ny kaominina, ary mandamina ny fotoana mba hahafahan'ny vehivavy sy lehilahy mandray anjara	Commune, Komitin'ny miralenta, Komitim-pokontany, mpisehatra hafa	mitarika ny tsy fahafahan'ny lahy sy ny vavy mitsinjara ara-drariny ny fampiasana ireo toeram-pilalaovana misy	fanaovana baolina kitra roa voajary		Kaominina sy mpiara-miombon'antoka, sekoly
	Fikarakarana karazana fifaninanana ara-panatanjahantena sy lalao nentipaha- razana eo anivon'ny sekoly sy ny kaominina		Tsy fahitana taratra intsony ny fifaninanana mivoy ny kolotsaina maha malagasy	Karazana lalao nentim-paharazana miisa 4 novelomina indray	Jiona 2012	

IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO						
Fifantenana sy fandraisana mpiasa						
Fanatanterahana tolotr'asa fantatry ny be sy ny maro,atao ho an'ny rehatra, fampitomboana ny vehivavy ampiasaina ao amin'ny kaominina	Mamporisika ny vehivavy hametraka ny fangatahan'asa	Kaominina, komitin'ny miralenta, mpisehatra hafa	Vitsy ny isan'ny vehivavy miasa eo anivon'ny kaominina	Ny 50%'ny mpiasan'ny Commune vehivavy	Desambra 2012	kaominina
	Asiana solotenan'ny Komitin'ny Miralenta ao amin' ireo vondron'ny olona misafidy ny mpiasa ho raisina na manao ny sivana		Efa misy ireo ny fomba fiasa ankehitriny eto amin'ny Commune, fa ilaina apetraka ny fijery miralenta	Voatsangana ireo vondron'olona mpisafidy ny mpiasa ho raisina ahitana taratra ny miralenta	janoary 2012	kaominina
Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fahazoana antoka fa mihatsara ny kalitaon'ny asa ho an'ireo mpiasa misahana raharaham-bahoaka eo anivon'ny Commune, sy ny komitin'ny miralenta	Manangana ivontoerana fanofanana momba ny fampianarana asa ho an'ny vavy sy lahy	Kaominina, komitin'ny miralenta	Tsy mbola misy ivon-toerana manofana arak'asa fitantanana eto anivon'ny Commune	Ivotoerana fampianarana voatsangana	2013	Kaominina, mpiaramio mbon'antok a
	Manome fotoana sy tohana ho an'ny mpiasa mba hahafahany mandalina ny fianarana teny vahiny	Kaominina, Komitin'ny Miralenta, mpisehatra hafa	Fari-pahalalana mbola ambany eo amin'ny famolahana ireo teny vahiny	Voafaritra ny fotoana sy ny fandraisana an-tanana ny ho amin'ny fianarana	Febroary 2012	Mpiara-miombon'a ntoka sy Commune

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Tontolon'ny asa						
Fijerena manokana ireo mpiasa vehivavy mitaiza kely eo amin'ny toeram-piasana	Fanomezan'ny Kaominina toerana manokana ahafahany mampinono ny zanany	Kaominina sy ny mpiasa vavy, CSB II	*Mbola tsy misy ny toerana voatokana hampinonoan'ny mpiasa vehivavy ny zanany*	*Efitrano voapetraka ho amin'ny fampinonoana ao amin'ny Kaominina*	manomboka janoary 2012	
	Fanomezana fotoana ny vehivavy mampinono ahafahany mampinono ny zanany	Kaominina sy ny mpiasa vavy, CSB II	*Mbola tsy misy ny fotoana voafaritra hampinonoan'ny mpiasa vehivavy ny zanany*	*Fotoana voafaritra ho amin'ny fampinonoana ao amin'ny Kaominina*		
Fanatsarana ny fahaiza-manao amin'ny alalan'ny fifanakalozana traik'efa	Mitsidika kaominina samihafa any amin'ny FARITRA hifampizara fahaiza-manao sy fahalalana	Kaominina, komitin'ny miralenta, mpisehatra hafa	Tsy ampy ny fifaneraserana entina manatsara ny fahaiza-manao	Fitsidihana Commune roa samihafa mampihatra ny miralenta vita	jolay 2012	Mpiara-miobon'antoka sy kaominina,
V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA						
Rafitry ny miralenta						
Fampijoroana ny rafitra matotra miandraikitra ny miralenta sy ireo rantsany ary manana fahefana tokoa izy ireo anatanterahany ny asany ary ahazoana ny fiombonan'antoky ny mpitondra rehetra.	Hatsangana ny rafitra miandraikitra ny miralenta eto amin'ny kaominina sy eny anivon'ny Fokontany	- Mpizaika tamin'ny stage 3 GL/SAHA - Commune	- Mbola tsy nisy mihintsy ny rafitra miandraikitra ny miralenta eto anivon'ny Commune.	Tafatsangana ara-dalana ny rafitra matotra sy ny rantsamangaikany eny amin'ny Fokontany .	Avril 2012	Commune, mpiaramiombonantoka
Tetibola, fanaraha-maso sy tombana						
Fahazoana antoka ny	Manokana teti-bola ho	Mpanolontsaina	-Tsy nisy teti-bola	Neken'ny	desambra	Commune

amin'ny hanokanana teti-bola hampandehanana io rafitry ny miralenta io	fampandehanan' io rafitra io ny Commune	Kaominaly Mpanatanteraka	natokana ho an'ny rafitra miahy ny miralenta eto amin'ny commune	mpanolontsaina ny teti-bola	2011	
	Manomana hetsika fitadiiavam-bola ho fanatsarana ny fampandehanana ny komitin'ny miralenta	Komitiny miralenta, Commune, ireo Komitim-pokontany , mpisehatra hafa	Tsy mbola nisy hetsika natao ho fanatsarana ny enti-manan'ny komitin'ny miralenta teto amin'ny Commune	Hetsika iray tontosa	mey 2012	Commune, mpiaramio mbon'antok a

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fanamafisana ny fahaiza-manao						
Fahazoana antoka fa misy fiofanana hatao mba hanamafisan' ireo mpisehatra eo amin'ny miralenta ny fahaiza-manaony.	Manamafy ny fiofanana momba ny fahaiza-manao ho an'ireo olona ao Komitin'ny miralenta.	Commune, Gender Links, A.E.S.G, Mpisehatra hafa	Tsy ampy ny fiofanana azo nandritra ny stage 3	Tanteraka ny fiofanana in-dray mandeha	septambra 2012	Commune, SAHA
	Manome fiofanana ho an'ny mpiasa ambony (service technique) ary ireo vondrom-piara-monina samihafa (societé civile) ato anatin'ny kaominina .	Komitin'ny Miralenta	Mbola tsy nahazo fiofanana momba ny miralenta ireo mpisehatra hafa eto anivon'ny commune	Tanteraka ny fampiofanana miisa roa	Desambra 2012	
	Manao tombana ny vokatra avy amin'ny fiofanana.	Commune, Komitin'ny miralenta	Mbola tsy nisy ny asa natao dia mbola tsy nisy ny tombana.	Tombana vita	Desambra 2012	Commune, SAHA

TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY

Fanohanana sy fanampiana						
Fametrahana drafitr'asa amin'ny fanohanana ara-kevitra ireo olona iharan'ny	Manokatra rafitra manokana hiantoka sy handray an-tanana ny	Commune, Komitin'ny miralenta.	Tsy mbola misy io rafitra io hatramin'izao.	Tafajoro ny sampana eto amin'ny Commune, ary voafaritra ny fomba	Juin 2012	Commune

herisetra.	fitarainan'ny olona iharan'ny herisetra eto anivon'ny Commune.			fiasany		

Fandrindrana						
Fandraisana andraikitr'ireo sehatra rehetra voakasiky ny ady amin'ny herisetra.	Mamory ireo mpisehatra mba handrindra miaraka ny asa hatao amin'ny ady amin'ny herisetra.	Commune, Komitin'ny miralenta, mpisehatra.	Tsy mbola nisy ny fandrindrana ny fiarah-miasa teo amin'ireo mpisehatra ireo	Fitsinjaram-piaraha-miasa vita	Indroa isan-taona	Commune, mpiaramio mbonantok a

Momba ny vola omena hiasana						
Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana antoka fa hampiasaina amin'ny ady amin'ny herisetra marina ny vola sy ny fitaovana omena.	Mandrafitra teti-bola sy mitana kaontim-pitantanana ara-dalana sy ara-potoana ny Komitin'ny miralenta	Komitin'ny miralenta	Tsy mbola misy ny fandrafetana teti-bola natokana ho amin'izany	Teti-bola voarafitra sy kaontim-pitantanana nankatoavina	Isan-taona	Komitin'ny miralenta

TANJONA FOTOTRA	**ASA ATAO**	**TOMPONANDRAIKITRA**	**FOTOTRA IAINGANA**	**TONDRO MILAZA NY VOKATRA**	**FE-POTOANA**	**TETI-BOLA**

Fanaraha-maso sy tombana						
Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana antoka fa voara-maso sy fantatra tsara ny asa atao amin'ny ady amin'ny herisetra	Manamarina fa ireo ezaka rehetra izay efa natao dia mizotra ho amin'ny fanatanterahana ny drafitrasa ary manao ny tomban'ezaka	Commune, Komitin'ny miralenta	Tsy mbola nisy ny fanaraha-maso sy ny fanaovana tomban'ezaka.	Fanaraha-maso sy tomban'ezaka vita ara-potoana	Isan'enim-bolana	Komitin'ny miralenta, SAHA
Fiarovana						

Fiarovana ny vehivavy mba tsy hiharan'ny herisetra mpahazo ny Vehivavy sy ny ankizivavy.	Mametraka rafitra mpanara-maso isam-pokontany mba hampandre ny komity raha misy herisetra miseho.	Commune sy ny Komitin'ny miralenta, mpisehatra hafa	Tsy mbola misy ireo mpanaramaso ireo.	Voatsangana ireo mpanaramaso ary afaka manatanteraka ny asany.	Febroary 2012	Commune
	Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo fikambanana mahakasika ny zon'olombelona		Tsy mbola ampy traik'efa ireo fikambanana misy mahakasika ny zon'olombelona	Mitombo ny fahaiza-manaon'ny fikambanana miady amin'ny herisetra	Avril 2012	Commune, mpiaramio mbonantok a
Hetsika fanentanana mba hahatonga saina ny olona						
Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny Herisetra ho vaindohan-draharaha	Mandefa horonan-tsary maneho ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy, ary ny lalàna manafay ny olona manao izany mba hahatonga saina ny mponina ka hamongotra ny herisetra	Komitin'ny miralenta Commune Gender Links	Tsy mbola nisy ny hetsika fanentanana amin'ny alalan'ny horonan-tsary tahaka izany.	Fandefasana horonan-tsary manerana ny Fokontany 15	Desambra 2012	Commune, mpiaramio mbonantok a
	Manao hetsika fankalazana ny andro iraisam-pirenena amin'ny ady amin'ny herisetra isan-taona	Kaominina-Fikambanana – FKT - ONG	Tsy mbola misy hetsika natao ho famongorana ny herisetra	100%-n'ny mponina no mahafantatra ny fisian'ny andro iraisam-pirenena momba ny ady amin'ny herisetra	Volana Desambra	Commune, mpiaramio mbonantok a
	Mametraka vata fanehoan-kevitra eo amin'ny Commune, sampandraharaham-panjakana ifotony, Fokontany	Kaominina – Fokontany – ONG, tomponandraikitra ara-panjakan ifotony	Mbola tsy nisy sehatra ahafahan'ny olona miteny momba ny herisetra	15 vata fanehoan-kevitra voapetraka	Mars 2012	Commune, mpiaramio mbonantok a

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny Herisetra ho vaindohan-draharaha	Manao fanarahamaso sy fanombanana ny vokatra azo amin'ireo fanentanam-bahoaka natao tamin'ny ezaka hahatonga saina ny mponina.	Komitin'ny miralenta	Tsy mbola nisy ny fanaraha-maso ny hetsika tahaka izany	Vita ny fanaraha-maso sy ny tombana ka hita izay tsara hotohizana sy ny lesoka hoharenina.	Isaky ny faran'ny taona	Komitin'ny miralenta, Commune
Ireo fanao tsara mampahomby indrindra						
Fampahalalana ho fanta-bahoaka ireo fanao tsara sy mampahomby amin'ny ady amin'ny Herisetra	Maneho an-tsehatra (hira,dihy,tononkalo, kabary, tantara an-dapihazo, hira gasy…) ny fanao tsara sy mahomby amin'ny ady amin' ny herisetra amin'ny alalan'ny fifaninana ampanaovina ny olona na fikambanana rehetra izay te handray anjara.	Komitin'ny miralenta, Sekoly Fiangonana, Fikambanana isan-karazany	Tsy mbola nisy ny hetsika tahaka izany.	Hetsika fisehoana folo tanteraka	Desambra 2012	Commune, sy mpiara-miambon'a ntoka
Setriny						
Fampihenana ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy.	Mamolavola sy mananganana tahirin-toro (banque de données) ahitana an'ireo sampan-draharaha sy sehatra azon'ireo iharan'ny Herisetra hatonina sy ampiasaina .	Komitin'ny miralenta, Commune, Zandary	Tsy mbola nisy tahirin-tondro milaza izay tokony hantonin'ny niarahan'ny herisetra teto amin'ny Commune	Vita ny tahirin-toro, ary efa aparitaka eny amin'ny sampadraharaha sy ny mponina	juin 2012	Commune, mpiaramio mbonantok a

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fampihenana ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy.	Manao fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny Zandary eo an-toerana sy ny Komitin'ny miralenta fa tena raisiny an-tanana marina sy amin'ny fomba mahomby tokoa ireo iharan'ny Herisetra	Commune, Komitin'ny miralenta, Zandary	Tsy mbola nisy Fifanaraham-piaraha-miasa novalovolaina mikasika io teo amin'ireo tompon'andraikitra	Vita sonia ny Fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Komitin'ny miralenta sy ny Zandary	Juin 2012	Commune, Komitin"ny miralenta

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	Male 7 Female 9					
Faritra	Analamanga					
Kaominina	Tsiafahy					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30☐	31- 40 2	41 – 50 8	51 – 60 3	60 + 3
Fianarana	Ambaratonga voalohany	Ambaratonga faharoa 9	Oniversite 6	Fanofanana ara-kasa 1	Fampianarana olon-dehibe	

	TENA TSARA	**TSARA**	**EO HO EO**	**RATSY**	**TENA RATSY**
1. FIZOTRY NY FANDAHARAM-POTOANA	**2**	**10**	**4**		
2. NY VOTOATINY	**5**	**8**	**3**		
3. TAHIRIN-KEVITRA	**13**	**3**			
4. FOMBA FAMPITAN-KEVITRA AVY AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA	**6**	**9**	**1**		
5. ASA ISAM-BAOMIERA	**2**	**12**	**2**		
6. VOKATRA TSARA	**6**	**9**	**1**		
7. VOKATRA TRATRA MIOATRA AMIN'NY TANJONA NAPETRAKA	**3**	**10**	**3**		
8. FAHALALANA AZO	**5**	**9**	**2**		
9. TOMBOTSOA AMIN'NY FIVELARANA	**5**	**9**	**2**		
10. FANDAMINANA ANKAPOBENY (Toerana, sakafo, sns)	**9**	**7**			

FANAMARIHANA

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

-Ny ady hevitra teo amin'ny mpiara-mizaika
-Fametrahana ny drafitr'asa momba ny miralenta. Miandry fanentanana sy fampiharana.
-Ady ho amin'ny miralenta
-Fandraisana andraikitra
-Ny nanaovana ny plan d'action sy ny ady hevitra
-Ny momba ny miralenta, satria nahafantarako zavatra maro mahakasika ny fiainana andavanandro
-Teo amin'ny asam-baomiera
-Nahafahana nifampizara hevitra sy traikefa
-Asa isam-baomiera
-Ny fandaharana tamin'ny miralenta satria nahafantarako ny zon'ny vehivavy.
-Fanandratana ny zo sy ny maha-izy azy ny vehivavy.
-Lohahevitra faha 6: ho mpitarika mavitrika mitondra fanovana
-Ny famintinana
-Ny teo amin'ny asam-baomiera
-Ny fampahafantarana sy paikady momba ny miralenta entina miaina.

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

-Atomboko eo amin'ny tokanatrano
-Hanentana sy hampahafantatra ny mpiara-monina momba ny miralenta
-Apetraka ny programme araka ny plan d'action ary tanterahina avy hatrany.
-Ny fifaneraserana amin'ny mpiara-belona ary ny fanentanana azy ireo.
-Fampahafantarana ny olona ny fiofanana azo, ampiharina amin'ny fiainana andavanandro. -
-Manao tatitra any amin'ny vondron'olona.
-Azo ampiharina tsara amin'ny asa fanaoko isan'andro.
-Fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miasa rehetra
-Fanamboarana ny drafitrasa
-Ampiharina eo amin'ny sehatry ny asa sy tokantrano ary fiaraha-monina
-Tena sarotra fa hiezaka aho
-Hanentana ireo olona manodidina misy ahy manomboka izao, hampahafantatra azy ireo ny miralenta.

Fanamarihana hafa?

-Tokony hofantarana bebe kokoa ny zavatra iainana ao amin'io miralenta io.
-Tsy voafehy ny fotoana.
-Tsy ampy ny fotoana anaovana fiofanana.
-Tokony ho fantatra dieny izao ny fotoana hanaovana fiofanana.
-Tsara raha ampiofanina toy izao ny mpampianatra.
-Mbola tena sarotra ny hialana vetivety amin'ny raiki-tampisaka
-Sao dia tsy hiteraka fampandrosoana marina izy io fa hanenjika miralenta fotsiny.